ALAHADY 01 JOLAY 1993

# 25 TAONA

ALAHADY 01 JOLAY 2018



# GAZETY TANTELY

Avoakan'ny FJKM Ambohitantely

Laharana faha 76
Alahady 01 Jolay 2018

2000 Ariary

Gazety Tantely

## 25 TAONA NIZARANA HAMAMIANA



Laharana N° 1 : Nivoaka ny Alahady 01 Jolay 1993

SPAA 12

GAZETY TANTELY

FJKM AMBOHITANTELY

Gazety avoakan'ny Veomieran'ny Fifandraisana Ambohitantely F.J.K.M

Taona voalohany — Laharana 01 — Vidiny Ariary zato

HO HITANAO ATO

- SAVA LALANA
- FIFANDRAISANA
- TAKILA HO AN'NY SAMPANA
- NY MAHALIANA ANY IVELANY
- LOZA MANODOKA...
- KITALAON-TSAINA
- JOBILY FAHA-130 TAONA
- ISIKA SAMY ISIKA

ENDRIKY NY GAZETY EDISIONA VOALOHANY




ENDRIKY NY GAZETY EDISIONA ANKEHITRINY

« *Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsina izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana* . » 2Timoty ;3 / 16

Pejy faha 3



Seho: «Nosy Mamiko»

Pejy faha 4




VAHINY

Ireo nanorina ny Gazety Tantely miaraka amin'i Zoky Naly

Pejy faha 5

Ny Gazety Tantely Edisiona voalohany, amin'ny endriny nanotana azy, tsy nasiam-piovana



## « Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana» (Jao. 17 : 17)

Vavaka fanaovam-beloma ny mpianatra ity Jaona toko faha 17 ity. Vavaka notononin'i Jesoa ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny mpianatra sy fitrotroana am-bavaka azy ireo miatrika ny fijoroana vavolombelona. Tsy vavaka ho an'ny Apostoly 12 ihany akory ity vavaka ity, fa vavaka ho an'ny mpianatr'i Jesoa rehetra, izany hoe, vavak'i Jesoa ho an'ny Fiangonana. Ny andininy faha 17 dia mangataka fanamasinana ny Fiangonana amin'ny fahamarinana mba hahafahany miasa eto anivon'izao tontolo izao. Ity andininy ity no tononin'ny Fiangonana FJKM aorian'ny famakiana ny Soratra Masina satria andininy mampifamatotra ny fahamasinana amin'ny Tenin'Andriamanitra. Zavatra roa lehibe àry no tokony ho ao an-tsaina raha manonona ity andininy ity. Ny voalohany, ny maha zava-dehibe ny fahamasinana. Ny faharoa, ny maha zava-dehibe ny Tenin'Andriamanitra.

### 1. Ny maha zava-dehibe ny fahamasinana

Ny teny hoe « fahamasinana » izay matetika fampiasan'ny Soratra Masina, indrindra ny Testamenta Taloha, dia nalaina avy amin'ny mpamari-toetra hoe masina izay nanjary matoateny hoe manamasina. Ny heviny ara-bakiteny dia hoe manavaka na manokana. Ny sary ao an-tsaina dia misy zavatra maromaro ka misy atokana manokana na avahana manokana mba ho ampiasaina. Ny hoe fahamasinana àry, araka izany, dia tsy inona fa ny fanavahan'Andriamanitra ny Fiangonana niala tamin'izao tontolo izao, na dia eto anivon'izao tontolo izao aza. Indroa na intelo miantoana ny lalan'ny fahamasinana.

Ny voalohany dia ny fiantsoana izay itakiana fanoloran-tena ; ny faharoa dia ny fanamarinana izay vokatry ny fibebahana ; ary ny fahatelo dia ny fahamasinana vokatry ny fiainam-bavaka. Mba hahafahan'Andriamanitra mampiasa ny Fiangonana sy mampiasa antsika sy mba hahafahantsika mijoro vavolombelona dia nanamasina antsika Andriamanitra.

Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no anamasinan'ny Tompo antsika sady Izy rahateo no tombokase maha zanak'Andriamanitra antsika. Tsy afa-miatrika ny fijorona vavolombelona isika raha mbola rakotry ny fahotana sy ny fahalotoan'izao tontolo izao.
Koa navelan'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo ny helotsika ary nohamasininy tamin'ny alalan'ny Fanahiny isika mba ho olom-baovao.

Izay no nahatonga an'i Jesoa nangataka tamin'Andriamanitra Ray mba hanamasinana antsika. Izany hoe, nangataka tamin'Andriamanitra mba hanomezany ny Fanahy Masina honina ato anatintsika. Tsy i Jesoa mantsy no manamasina raha amin'ity vavaka ity fa loharanon'ny famelan-keloka sy ny fanadiovana antsika izy, fa ny Fanahy Masina izay omen'Andriamanitra amin'ny alalany no manamasina antsika, ka mahatonga antsika ho vaovao isan'andro.
Zava-dehibe ny fanamasinana satria herim-panahy mahatonga antsika ho azon'Andriamanitra ampiasaina, nefa indrindra koa herim-panahy hahafahantsika manohitra ny asan'ilay ratsy. Ny olona nohamasinin'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo dia tsy azon'ilay ratsy hampangaina. Ny voampanga mantsy dia tsy afaka manao na inona na inona, sady tsy azo ampiasaina.

### 2. Ny maha zava-dehibe ny Tenin'Andriamanitra

Eto dia mifamatotra ny fahamasinana sy ny Tenin'Andriamanitra. Ny Tenin'Andriamanitra no manamasina antsika sy manamarina antsika. Inona no hevitr'izany ? Ny Tenin'Andriamanitra dia teny velona, ka ny fihainoana sy ny fankatoavana azy dia mahatonga fibebahana sy fihavaozam-panahy ary hetaheta ny hanaraka an'i Kristy. Io Tenin'Andriamanitra izay teny velona io, izay ampahatsiahivin'ny Fanahy Masina mandrakariva ao am-pon'ny olona dia manjary fiainana ho azy.
Ny Fanahy Masina rehefa ao am-pon'ny olona ka manamasina azy, dia mampahatsiaro azy ny Tenin'Andriamanitra, araka ny tenin'i Jesoa hoe ny Fanahy Masina dia tsy milaza zava-baovao akory fa mampahatsiaro ny zavatra efa nolazain'i Jesoa. Araka izany, ny Fanahy Masina dia tsy Andriamanitra vaovao akory fa Andriamanitra mampahatsiaro ny olona ny Tenin'Andriamanitra izay efa nolazaina hatrany amin'ny Testamenta Taloha ka hatraty amin'ny Testamenta Vaovao.
Ny Fanahy Masina dia mamerina ny olona ao amin'ny Soratra Masina hatrany ary ny fahamasinana dia ateraky ny fiainan'ny olona ny Soratra Masina. Mialoha ny hanirahan'i Jesoa ny mpianatra sy ny Fiangonana ho aty amin'izao tontolo izao dia tsy vitan'ny hoe nohamasinina ihany izy fa nomeny azy ihany koa ny Soratra Masina, na ny fampianarana, mba ho mari-dalana hiainany ny fahamasinana. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny Soratra Masina izay mirakitra ny fampianaran'i Kristy ary io no torian'ny Fiangonana sy ampianariny ny mpino amin'ny maha olomboatokana, na olomboantso, na olona navahina raha tsorina amin'ny maha olomasina azy. Vavaka sarobidy àry ity andininy ity satria vavaka mangataka ho antsika mba ho tia ny Soratra Masina, ho tiany Tenin'Andriamanitra ary hahatsiaro fa ny fahamasinana sy ny fijoroana vavolombelona dia tsy afa-misaraka velively amin'ny Soratra Masina.

### FEHINY

Ity volana Jolay ity, ny lohahevitra dia ny hoe « sahia mitory fahamarinana ». Eo amin'ity vavaka ity, ny tapany voalohany dia manao hoe « manamasina azy amin'ny fahamarinana ». Azo adika toy izao io andininy io : hamasino amin'ny alalan'ny fahamarinana ny Fiangonanao na koa hamasino ao anatin'ny fahamarinana ny Fiangonanao.Tsy afa-misaraka ihany koa izany amin'ny fahamasinana ny fahamarinana ary tsy ny fahamarinan'olombelona anefa fa ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny fahamarinan'Andriamanitra izay miainga amin'ny fitiavana, miainga amin'ny Soratra Masina ary jerena amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo. Tokony hijoro ho vavolombelon'ny fahamarinan'Andriamanitra hatrany ny Fiangonana. Ny fahamarinan'Andriamanitra izay midika fa tian'Andriamanitra ho vonjena izao tontolo izao ka nomeny ny Zanany Lahitokana mba hamonjy azy. Fahamarinan'Andriamanitra izay midika koa fa azo atao tsara ny miaina ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fiainana isan'andro noho ny amin'i Jesoa sy ny Fanahy Masina. Ary indrindra ny fahamarinan'Andriamanitra izay mitondra fiainana sy manasitrana ny fiarahamonina.

*Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.*

**RAKOTONAVALONA Maholy**
Mpitandrina

EDITORIAL

*« Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsina izay diso, ho fitaizana amin'nyf ahamarinana .* » 2Timoty ;3 / 16

◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇

Araka io tenin'Andriamanitra voalaza etsy ambony io dia natao ho fitaizana amin'ny fahamarinana, amin'ny fanitsiana ary amin'ny fampianarana sy ny fandresen-dahatra ny soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra.

Ny **gazety « TANTELY »** dia anisan'ny fitaovana iray nentin'ireo mpiara mivavaka maromaro nampita ireo voalaza ireo teto amin'ny Fiangonana. Amin'izao fotoana izao indrindra no andro hisaorana ireo Ray aman-dreny namorona ary mbola manampy amin'izao fotoana izao, tsaroana eto ihany koa ireo namana izay efa nandao antsika teo amin'ny famolavolana ny Gazety .

Manana ny anjara andraikiny tokoa ny gazety satria izy no isan'ireo mitahiry ireo tsiaro an-tsary na koa an-tsoratra amin'ireo fotoana maro efa lasa.

Tsy vitan'izany fa ny gazety dia fitaovana nentina nampitana ny soa sy ny tsara ho fantatra teto amn'ny fitandremana, mazana dia voatatitra tao avokoa ireo fotoana manan-tantara. Tao koa ireo tatitra isam-piandraiketana sy isan-tsampana ary ny teo anivon'ny Foibe sy ny synodam-paritany.

Isan'ny zava- tsoa lehibe indrindra nentina teto amin'ny **gazety «TANTELY»** dia ny fanabeazeana ara-panahy teo amin'ny samy Kristianina izay nandraisan'ireo Ray aman-dreny ara-panahy anjara ka ampitan'izy ireo hafatra sy fampianarana avy amin'ny tenin'Andriamanitra mba hitomboan'ny fahasoavana sy ny fahatokiana an'Andriamanitra eo amin'ny tsirairay. Tao ihany koa anefa ireo pejy entina manampy amin'ny fahasalamana sy ny nahandro ary ny tontolon'ny zavamaniry toy ny voninkazo . Raha toa ka mijery ny 25 taona lasa isika dia tsara angamba amin'izao fotoana izao no handinihina ny tontolon-tsika Kristianina ka hahafahana manavao ny fomba fijery sy ny fomba ho enti-miatrika ny ho avy izay handresena ny fahasahiranana manoloana antsika ka hananana indray **toe-tsaina** amam-panahy matahotra an'Andriamanitra. Eto am-pamaranana dia mbola mamerina indray ny fisaorana an'Andriamanitra teo amin'ny tolo-tsaina nomeny ireo Kristianina izay namorona ny **gazety « TANTELY »**

*Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra*

**Ranaivo Rasahenolahy, Diakona(fif)**

TOHO-TANTELY

## Nosy Mamiko :
### Seho matihanina

Hampisongadina ny maha-Malagasy ny zanak'Ambohitantely mandritry ny hetsika *« Nosy Mamiko »* izay hotanterahana ny Alahady 8 Jolay ho avy izao etsy amin'ny Cinéma Plaza Ampefiloha. Hetsika hanehoan'ny zanak'Ambohitantely indray ny talentany amin'ny sehatry ny hira, dihy, hainteny sy kabary ary ny fitafy Malagasy.





Nasaina manokana hizara ny sehatry ny efitrano malalaky ny Plaza miaraka amin'ny zanak'Ambohitantely ireo mpanakanto matihanina fanta-daza ka singanina amin'izany:

Ny **tarika Solika** hikalo ny fahiny, ny tarika ara-pilazantsara **GMMC** hanandratra ny feo fiderana,

**Rak Roots** hampifaly ny tanora amin'ny hiran'ny ankehitriny, **Ny Voninavoko** haneho ny dihy nentin-drazana Malagasy

**Henri Ratsimbazafy** hikalo ny hiran'ny omaly,



ary ny tarika mpandihy **Tsingory** haneho ny maha-izy azy amin'ny alàlan'ny dihy moderna.

**Seho matihanina** no haroso ary matihanina avokoa araka izany ireo mpiara-miasa sy mpanohana rehetra. Mandroso tsara ny fanomanana na sarotra aza kanefa fifaliana no iaraha-mizara ao anatin'izany.

Fa anisan'ny hampiavaka ity seho ity ny fandefasana horonantsary mampisongadina ny hatsaran'ny zavaboaharin'i Madagasikara izay hampatsiahy antsika ny tokony hankamamiana ity nosintsika ity.
« *Nosy Mamiko* » rahateo no lohahevitra nampisalorana ny hetsika,ary inoana fa hianoka tanteraka ao anatin'ny mamy ireo izay tonga manotrona.



Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny **faha-155 taonan'ny FJKM Ambohitantely** ny hetsika « *Nosy Mamiko* ».

**RAFANOHARANA**
**Harinavalona, Diakona**

VAHINY

**Vahinin'ny Gazety Tantely :**

**Ravalitera Jean Rabenalisoa** na **Ramose Naly** na **Zoky Naly** na **Sefo Naly**



**Gazety Tantely** : Samy anarana iantsoana na ahafantarana anao eto Ambohitantely daholo ireo. Azonao lazalazaina fohy ve ny aminao

**RJR** : Ny momba ahy eto Ambohitantely ve sa ny momba ny fiainako ankapobeny?

**GT** : Izay tokony ho fantatry ny mpamaky ny Gazetintsika

**RJR**: Ireo voasoratra eo ambony ireo ny tena anarako. Efa tratrako ny fe-toana voalazan'ny Soratra masina ho andron'ny zanak'olombelona. Manambady an'i Lisy Randriamampionona aho. Eny Imerinafovoany, Zana-paritra Gosena no misy anay. Mpampianatra ny matoan-draharahako. Taranja malagasy sy Filôzofia no ampianariko. Ankoatra izany dia mampianatra momba ny Serasera koa aho, indrindra ny Haifandahatra na ny Kabary. Saika eny @ Ambaratonga ambony izany ankehitriny, na @ fanjakana na tsy miankina. Izay no maha Ramose Naly ahy. Fa ankoatra izay koa dia maro ny Fikambanana na sehatra, na ao amin'ny Fiangonana na any ivelany misy ahy ary saika izaho hatrany no zokiny @ izany ka izany no maha Zoky Naly ahy.
Ary farany dia Tily aho, nanorina ny Sampana Mpiandalana teto Ambohitantely, efa Foibe Tily ary efa Filohan'ny Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara, nanatrika ny Jamboree tany Japon t@ taona 1971. Izay no Sefo Naly. Mpanoratra, mpikabary, mpanakanto, mpanao gazety, mpikambana mahefa ao amin'ny Akademia ny tenako. Nampianatra Sekoly Alahady t@ fotoan'andro. Diakona nandritra ny fotaoam-piasana efatra ary Loholona ankehitriny. Mpikambana mavitrika, feo fahatelo ao amin'ny Chorale Ambohitantely.

**GT**: Mivahiny eto amin'ny Gazety TANTELY izay mankalaza ny faha-25 taonany ianao izao. Ianao no anisan'ny nanorina azy satria ianao no Talen'ny Gazety , hita ao amin'ny laharana 01, vita fametrahana ara-dalàna na DL, lah.01/07/93. Tantarao anay ny amin'izany!

**RJR** : Tsy fanadino tokoa ny tantara. Miarahaba ny Gazety Tantely sy ianareo mpiandraikitra manohy ny asa ankehitriny ny tenako. Nanamarika ny fankalazana ny faha-130 taonan'ny Fiangonana Ambohitantely ny fahaterahany. Ny matoan-dahatsoratra nataon'i Pasitera Andriamanjato nankininy amin'izay voalaza ao @ Jaona 3 and.11 no tokony hotsahivina: "Aza ny ratsy no alain-tahaka fa ny tsara", ary ny fizorana ho amin'ny "Fanavaozana ny saina" no atsangan'ny Gazety Tantely ho filamatra. Asan'ny Fiangonana hoy izy, ary tsy maintsy ho mifandray amin'ny foto-pinoan'ny Fiangonana ny famaritana izay atao hoe "tsara"

(Tohiny Pejy faha 23)

# IREO PEJIN'NY « GAZETY TANTELY » EDISIONA VOALOHANY

Laharana N° 1 : Nivoaka ny Alahady 01 Jolay 1993

*Gazety avoakan'ny Vaomieran'ny Fifandraisana*
*Ambohitantely F.J.K.M*

Taona voalohany | Laharana : 01 | Vidiny : Ariary zato



*" Aza ny ratsy no alain-tahaka fa ny tsara "*
*Jaona 3 and 11*

**HO HITANAO ATO :**

- SAVA LALANA
- FIFANDRAISANA
- TAKILA HO AN'NY SAMPANA
- NY MAHALIANA ANY IVELANY
- LOZA MANODOKA...
- KILALAON-TSAINA
- JOBILY FAHA-130 TAONA
- ISIKA SAMY ISIKA

## SAVA - LALANA

" Ry Malala, aza ny ratsy no alain-tahaka fa ny tsara"
Jaona faha-3. and. 11

Raha mamoaka ity "Tantely" ity ny fiangonana eto Ambohitantely dia sady manao izany ho fijoroana ho vavolombelona no tsy manadino koa fa izay rehetra ataon'ny mino dia atao mba ho hita. sy hotsarain'ny rehetra, ary raha tsara, dia mendrika halain-tahaka.

Feno zava-manalasala izao androntsika izao, feno endri-pibeazana mitarika ho amin'ny fakam-panahy maro soratra izay mahavaka ny ray aman-dreny mpitaiza ary mila hampanao dia mianotra ny fiainam-pirenena manontolo. Rariny raha mifampitaona isika rehetra hahay mandinika ny zava-misy ka miezaka hamantatra izay tsara tokony halain-tahaka.

Aoka hoekena amim-pahatsorana fa mivoatra miaraka amin'ny fivoaran'ny fiaraha-monina ny fiheverana izay antsoina hoe "tsara". Noho izany dia tsy mahazo mitsahatra koa ny fiezahana hamantatra hatrany hatrany ny fiovan'ny vidy aman-danjan'ny soa toavina ifandraisan'ny mpiara-belona.

Raha manolotra ity "Tantely" ity ny Vaomieran'ny fifandraisana eto amin'ny fiangonantsika eto Ambohitantely, dia tokony ho ao an-tsaina mandrakariva fa ny hanolotra izay sainina ho "tsara" no filamatra, ka izay tokony hianaran'ny mpamaky sy halainy tahaka no haroso.

Ary satria asan'ny fiangonana ity, dia tsy maintsy ho mifandray amin'ny foto-pinoan'ny fiangonana ny famaritana izay atao hoe "tsara". Miverina ho azy ao anatin'ny fisainana ny resaka nifanaovan'ny Tompo tamin'ny mpanapaka iray izay voalaza ao amin'ny Lioka 18/18. Raha nanontany io mpanapaka io nanao hoe :"Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay ?", dia namaly ny Tompo ka nilaza hoe : "Nahoana aho no ataonao tsara ? Tsy misy tsara afa-tsy iray ihany dia Andriamanitra". Io valinteny io dia mitarika antsika hampifandray mandrakariva izay heverintsika ho "tsara" amin'ny fahalalana izay mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Nampahatsiahivin'ny Tompo an'ilay mpanotany ny amin'ny tokony hanarahany ny didy, ary raha nilaza ho nahafantatra sady efa nanatanteraka izany mandrakariva ilay mpanapaka, dia notaomin'ny Tompo handeha ho amin'izay tena tsara ka nantsoiny hanaraka Azy izy.

Mbola azo tohizana lavabe ny fitanisana ny lohahevitra azo dinihina ary ny tsirairay avy amin' ny Mpamaky dia afaka hanolotra rahateo izay zavatra tsy mahatafandry mandry ny eritreriny ka tiany haaraha - mamahavaha amin'ny havana aman-tsakaiza.

Koa raha ampiantrano ity tantely ity isika dia aoka koa tsy hihinana am-bolony fotsiny fa ho haintsika hatao ny hanavaka ny soa sy ny tsara, ka na ny tomponandraikitra manomana sy manolotra ny nahandro, na ireo izay mivonona hipetraka hihinana, dia samy hahatsiaro ho mandre ny antso izay aolotry ny Apostoly Jaona hoe : "Ry Malala, aza ny ratsy no alain-tahaka fa ny tsara".

Dia ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra fa amboariny ho fitahiana ho antsika kosa izay "tsara" rehetra mety hatolotry ny Tantely.

Ny mpitandrina Richard ANDRIAMANJATO

---

JOBILY FAHA-130 TAONA

Hoy ny baikon'ny Tompo : "FA MIOVA AMIN'NY FANAVAOZANA NY SAINA HAMANTARANAREO NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA DIA IZAY TSARA SADY ANKASITRAHANA NO MARINA."(Romana 12 and 2b)

Ny Asabotsy 3 jolay amin'ny 9 ora sy sasany maraina no fotoana hanombohana ny fankalazana ny jobily faha-130 taonan'ny Fiangonana AMBOHITANTELY.Noho ny fahasoavan'Andriamanitra tokoa mantsy dia tratr'izanyfotoana horaketin'ny tantara izany isika. FANOMPOAM-PIVAVAHANA tarihin'ny SYNODAM-PARITANY AVARATR'ANDOHALO no hanomboka amin'ny 9 ora sy sasany maraina. Ny Alahady 4 Jola y kosa ,manomboka amin'ny 9 ora maraina dia FANOMPOAM-PIVAVAHANA karakarain'ny FIANGONANA sy ny Komitin'ny Jobily .

Mbola hisy fotoam-pivavahana hafa,mbola hisy fihetsiketsehana maro na eo amin'ny sehatry ny fanatanjahan-tena na eo amin'ny sehatry ny zava-kanto.Samy handray anjara ny isan-tsampana.Ho hitantsika amin'ny laharana manaraka ny momba izany.

Fa ny DORKASY eto amin'ny Fiangonana AMBOHITANTELY koa dia hankalaza ny faha- 90 taona niorenany.Ny Alahady faha- 25 Jolay izao no hanaovana izany . Apetratsika eo ambany fahasoavan'Andriamanitra ny fanatanterahana izany .

.... Eo amin'ny famonjena fivoriana samy hafa toy ny lasy sns...
dia iantohana ny saran-dàlana sy ny lasy. Fa raha any ivelany
any amin'ny Faritany, mamonjy Zaikabe dia ny antsasaky ny -
saran-dàlana sy saran-dasy no aloan'ny Sampana Dorkasy fa ny
antsasany an'ny mandeha.

Toy izany raha fitinina ny Sampana Dorkasy sy andraikiny.

Koa mangataka ny herin'Andriamanitra Tompon'ny asa haha-
tanterahana ny tena sitrapony.

# ny eto amin'ny Fiangonantsika

* Tontosa soa aman-teara ilay fiaraha-misakafo nokarakarain'ny Dorkasy teto in'ny Akany, izay tafidytra ao amin'ny fankalazana ny faha-130 taonan'ny Fiangonana. Nanfana ny fotoana tamin'izany ireo tanoran'ny Fiangonana FJKM Imeritsiafindra nampiseho ny tantaran-dRasalama maritiora.

* Nahavita soa aman-tsara ny lasiny ireo Tily sy Mpanazava XXIè eto amin'ny Fiangonantsika. Tany Mangamila ANJOZOROBE ireo Voronkely, Lovitao, Mpanazava, Mpanazava zokiny, Tily, Mpiandalana, Mpiandraikitra izay miisa 90 eo, no nofidiny hilasiana tamin'ny tapaky ny Volana Aogositra. Folo andro no faharetan'ny lasy.

* Tanteraka an-tsakany sy an-davany koa ilay KONSERITRA nataon'ny CHORALE AMBOHITANTELY tao amin'ny Fiangonana AMPARIBE FAMONJENA, tamin'ny Alahady 29 Aogositra 1993 teo. Izany dia tafiditra amin'ny fankalazana ny faha-130 taonan'ny Fiangonana ary fiomanana hanatrika ny Zaikaben'ny Tanora S STK izay hatao any MAHAJANGA ny 8-12 Septambra 1993 ho avy izao.

Manolotra ny fisaorana sy fankasitrahana antsika rehetra izay nanotrona azy ny CHORALE. Hoa an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra.

HEVI - BOLAMENA

Tsarovy fa ny zavatra ambony indrindra dya ny HITSIM-PO : hitsim-po amin'ny namana, hitsim-po amin'ny zavatra tsara sy madio, ary indrindra indrindra hitsim-po amin'Andriamanitra.

FANTATRAO VE IREO TOMPON'ANDRAIKITRA SAMIHAFA ETO AMIN'NY FIANGONANTSIKA ?

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

| | |
|---|---|
| SEKOLY ALAHADY | : RAVELOSON Solomona |
| TILY SY MPANAZAVA | : RAKOTOVAO Anne Marie |
| F.R.K. | : RASOAHANITRINIALA |
| FIFOHAZANA | : RALAIKERA Raymond |
| DORKASY | : RASOAMANALINA |
| CHORALE AMBOHITANTELY | : RAOELISON Willy |
| CHORALE SEKOLY ALAHADY | : ROBSON Lucien Georges |
| CHORALE MAINTIMOLALY AMBOHITANTELY (CMA) | : RAMANANARIVO Falihery |
| FANATANJAHANTENA | : RAZAFINDRAMALO Samisoa |

BIRAON'NY FIANGONANA

| | |
|---|---|
| Mpitan-tsoratra | : RAHAMEFY Jules<br>RAKOTOARIMOBY<br>RAMANAMAHEFA Georges |
| Mpitahiry vola | : RAJAONARIVONY Jules<br>ANDRIANJAFY Désiré Jameson |
| Mpandini-bola | : RAJAOBELINA Philippe<br>RAVELOMANANA Claude<br>RAKOTOMALALA Emile |

BIRAON'NY DIAKONA

| | |
|---|---|
| Filoha | : RAOELINA Samy |
| Filoha Mpanampy | : ANDRIANJAFITRIMO Raoel |
| Mpitan-tsoratra | : RAVELOMANANA Nivo<br>RAVONJISOA Yolande |
| Mpitahiry vola | : RAZAFINDRALAMBO Yolande |

FILOHAN'NY VAOMIERA

| | |
|---|---|
| Fifandraisana | : RAJOHARISON David |
| Fiainam-panahy | : RAKOTOARIVONY RALIBERA |
| Sampana | : RAZAKARIVONY Fanja |
| Fananana | : RAHAMEFY Jules sy<br>ANDRIAMAMPANDRY Serge |
| Vola | : RAJOHARISON Jules |

JOBILY FAHA 130 TAONA

| | |
|---|---|
| Filoha 1 | : RAOELINA Samy |
| Filoha Lefitra | : RAJAOBELINA Alice |
| Mpitan-tsoratra | : Dr RALAIKERA Florent<br>RAHAMEFY Monique |

Laharana N° 1 : Nivoaka ny Alahady 01 Jolay 1993



## - IREO FOTO-KEVI-DEHIBE TOKONY IORENAN'NY ANTOKO MPIHIRA

Fikambanan'olona maromaro miara mihira no antsointsika hoe: "Antoko Mpihira". Fiantsoana ankapobeny io. Manana ny anarana manokana iarahany izy ireny matetika. Ao ny mametraka ny anaran'ny Fiangonana misy azy (Antoko Mpihira Andravoahangy Fivavahana, Antoko Mpihira Amparibe Famonjena,...). Ao ireo mitondra anarana hafa mihitsy (Lilie Andohasaha, Ezrahita, Trompetra volamena,...).

Miankina amina Fiangonana ny ankamaroan'ny Antoko Mpihira misy eto amintsika amin'izao fotoana izao na dia Antoko Mpihira niankina tamina Sekolim-pinoana iray aza no azo lazaina hoe : "Antoko Mpihira" manana ny maha izy azy, mendrika hitondra izany anarana izany. Ao an-tsaina amin' izany ny Chorale de l'Ecole Rabot St Etienne tany Fianarantsoa izay manakoako teto amintsika ny lazary efa ho 35 taona lasa izay.

Sampana ao amin'ny Fiangonana ny maro amin'ny Antoko Mpihira misy Ankehitriny hoy isika teo, manao ho filamatra ny "Fitoriana ny Filazantsara amin'ny alalan' ny hira". Toa miroborobo fatratra izy ireny, manintona tanora maro, ny lehibe koa aza. Ary efa manana haavo teknika mahafinaritra ny maro. Toa fijery ety ivelany ihany anefa izany satria, araka ny fanadihadihana natao dia maro ireo olana samihafa mikiky ireny Antoko Mpihira ireny, olana ateraky ny tsy fahafantaran'ny Mpitondra sy ny mpikambana ireo foto-kevi-dehibe iorenan'ny hoe "Antoko Mpihira". Ao ireo olana fahita amin'ny Fikambanana na sampana samihafa vokatry ny tsy fahaizana miara-monina. Ao ireo olana vokatry ny fitiavana hisehoseho fotsiny avy amin'ny mpikambana sasany. Ao ireo olana ateraky ny Ray aman-dReny mpanampy ny Antoko Mpihira ara-pitaovana sy vola, ka manery azy hanaraka izay tiany atao, sy olana samihafa.

Zavatra roa lehibe no heverinay fa tokony ho fototra iorenan'ny Antoko Mpihira mendrika izany anarana izany dia ireto :

1°) <u>Midika ho fitsipi-pifehezan-tena ny hoe "Antoko Mpihira</u>

Toy ny fikambanana rehetra na sampana ao amin'ny Fiangonana ny Antoko Mpihira ka tokony hanana sata mifehy azy. Nefa, satria tsy toy ny ganagana miaramilomano ny mpikambana ao amin'ireny Antoko Mpihira ireny ka samy hanao izay saim-patany, dia hanana endrika miavaka io sata io. Ho entitra kokoa ee amin' ny fitsipi-pifehezana-tenan'ny mpikambana. Tsy ho Antoko Mpihira mendrika izany anarana izany ny Antoko Mpihira iray raha tsy manana mpikambana :

- afaka mihira tsara satria mahalala ny fitsipika ny hira
- mahafehy tena handray sy hampihatra ireo torohamarika hamolahana ny feo;
- mahafehy tena handala ny fahamarinana ka ho marim-potoana;

- mahafehy tena hitandrina ny fahasalamana ka tsy manimbanimba foana ny f ) sy izay mikasika ny feo (fifadiana sigara, ohatra...);

- mahafehy tena ka hiezaka hahalala ny fitsipi-piarahamonina ao anaty fikambanana,...

2°)- Midika ho fanafoanana ny tena ny hoe "Antoko Mpihira"

Jesoa Kristy Tompontsika no nanome ohatra lehibe ho antsika (Mpino na tsy mpino koa aza) momba ny fanafoanana ny tena.

"Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, izay na dia manana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony zavatra hofikirina mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakana ny endriky ny mpanompo sy ny hahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona... Filipiana 2/5-11.

Haintsika tsianjery io satria miverimberina matetika eo ambavan'ny Mpitandrina eto Ambohitantely.

Ny Antoko Mpihira dia sehatra iray fampiharana, ampahany ihany, io ohatra nomen'ny Tompo io.Ny feony no mampiavaka ny olona iray amin'ny hafa, ankoatra ny bika aman'endriny. Toy ny dian-tanana ny feo (empreinte digitale) ka tokana aman-tany. Nefa io feo mampiavaka ny tsirairay io no tsy maintsy foanana raha hihira ao anaty Antoko Mpihira ianao. Misy fitadiavana feo iraisana ao izay arahan'ny rehetra ka tsy ho re hiavaka intsony ny feon-dRabe na ny feon-dRasoa.

Manampy izany, toy ny zava-maneno ny Antoko Mpihira, misy ny mpitendry dia ny mpitarika izany (Chef de Choeur) Araka izany, foana ny maha-olona misaina ny mpihira fa lasa "Zavatra tendrena" izy. Izay tian'ilay mpitarika (mpibaiko) hanaovana azy na alefany miadana na haingana na mafy na maleny. Hanimba ny Antoko Mpihira izay mpihira tsy mety ho baikoina izany hoe, tsy mety manafoana ny tenany.

Ary inona hoy ianao no antony hanaovan'ny Antoko Mpihira fanamiana ?

Marika hita maso ny fanafoanana ny tena ny fanamiana, fanafoanana izay mampiavaka ny tsirairay ka fitafiana mitovy no isalorana.

Inoanay fa azo ampiharina amin'ny Antoko Mpihira amin'ny ankapobeny izay voalaza izay. Fa raha toa ka Antoko Mpihira sampana ao amin'ny Fiangonana ny Antoko Mpihira iray ka manao ho filamatra ny "Fitoriana ny Filazantsara" dia mbola misy zavatra hafa lehibe takiana amin'ny mpikambana tsirairay, ankoatra ireo efa voalaza.

Manakaiky ny asan'ny Mpitandrina ny asan'ny mpikambana na ny asa hitambaran'ny mpikambana ao amin'ny Antoko Mpihira iray, manao ho filamatra ny Fotoriana ny Filazantsara. Nandray ny antsoň' i Tompo ny mpitandrina ka nanolotena sy miofana mba hahalala sy hiaina ny Filazantsara ary hizara izany amin'ny hafa.

Toy izany koa, raha tia handroso araka ny tokony ho izy ny Sampana Antoko Mpihira ao amin'ny Fiangonana dia tsy maintsy mahalala ny Filazantsara ny mpikambana izany hoe resy lahatry ny famonjena nataon'i Kristy ho azy ka manaiky ho fitaomana enti-mizara izany amin'ny hafa.

•

• •

Raisinay an-tanandroa izay fanontaniana sy fanakianana aterak'ity lahatsoratra ity, izay mbola hitohy amin'ny manaraka. Mandram-piandry izany, indro atolotray anao tononkira vavaka fanaonay.

"RY TOMPO O, AMPIANARO"

1 - Ry Tompo ô, ampianarö aho
Hahay hitia toy ny nitiavanao :
Nofoanano ny tenanao hanompo,
Nisolo ahy namadika Anao.
Tsy sahiko ny hanolotra ny aiko
Na dia ho an'ilay olon-tiako,
Tsy vitako ny handrotsaka ny rako
Ho azy moa, ho azy koa.

2 - Ry Tompo ô; ny ra tao Golgota,
No tonga ony hanondraka ho soa
Hanafaka ny gadrako mpanota,
Handova ilay voafidy tsy ho lo;
Fitiavanao ho tonga fitiavako
Itiavako ny olon-tiako,
Ho vitako ny hanolotra ny aiko
Ho azy moa, ho azy koa.

3 - Ry Tompo ô, maniry aho hitoetra
Hahay hitia omban'ny elatrao;
Ny foko re hitempo ts' hisy fetra :
Fitia mitovy ny ahy sy ny Anao.

RVA/87

Ny Chorale Maintimolaly Ambohitantely (CMA)

HAFATRA AVY AMIN'NY CHORALE AMBOHITANTELY

Ny voalohan-teninay dia ny fifalianay afaka manolotra fiarahabana mitafotafo anareo rehetra mpanetsiketsika ao amin'ny Vaomieran'ny Fifandraisana. Mirary fahombiazana feno sy tanteraka eo amin'ny *ezaka tsara rehetra* vinavinanareo hotanterahina, ary dia Andriamanitra anie hampaharitra anareo eo amin'ny fanompoana tsara Azy.

Manaraka izany, dia manolotra fisaorana anareo koa eo amin'izao fanomezanareo anay fahafahana sy fahalalana handray anjara amin'ny Gazetintsika izao.

Ny fahaizana mifandray moa inona fa tsy endrika iray lehibe eo amin'ny fahaizana mifankatia, dia araka ny fifankatiavana andidian'ny Tompo antsika rehetra izay mitondra ho mpanaraka Azy. Izany fifankatiavana izany no maniraka an'izay rehetra mety ho Antoko-Mpihira hanatanteraka asam-pifandraisana; amin'ny alalan'ny fitondrana an-kira etsy sy eroa ny Tenin'Andriamanitra.

Eo amin'izany fifandraisana izany indrindra, ohatra, dia nanatrika ny Zaikabem-pirenena fanaon'ny Sampana Tanora Kristiana (STK) manerana an'i Madagasikara tany Toamasina ny Chorale Ambohitantely tamin'ny taona 1988. Izany dia nahazoana nifanerasera tamin'ireo Tanora rahalahy sy anabavy avy amin'ny Faritra rehetra eto amin'ny Nosy. Nahatsiarovana fifaliam-panahy lehibe ny nanatrehana izany Zaikabem-pirenena izany, satria nandray andraikitra manokana ny Chorale Ambohitantely tamin'izany na dia tsy mpandray anjara mivantana tamin'ny asan'ny Zaikabe aza.

Raha sitrapon'Andriamanitra, dia hatao any Mahajanga amin'ny volana Septambra izao indray ny Zaikabe manaraka. Manam-pikasana indray koa ny Chorale hanatrika izany fotoan-dehibe izany, ary ho endrika iray eo amin'ny fanehoana ny fankalazana ny faha-130 taonan'ny Fiangonana Ambohitantely ihany koa izany.

Koa ho fanomanana ny ho enti-manana izany fitsidihana any Mahajanga izany indrindra, dia hanomana Concert hidiram-bola ny Chorale amin'ny faran'ny volana Aogositra izao. Koa dia ampitaina amintsika izany mba ahazoantsika miara-mientana, fa raha ny fifandray amin'ny hafa aza ve vitantsika, mainka fa isika samy isika.

Hamaranana, dia averina hambara fa hatramin'ny fotoana vitsivitsy izay, dia niezaka ny ho mahaleo-tena ny CHORALE eo amin'ny resaka ara-pitaovana. Koa dia mampahatsiahy antsika rehetra fa ny CHORALE dia mampanofa fitaovam-pifandraisana (fanamafisam-peo) izay sady tena tsara no tena... mora. Koa aza mihafihafy re, raha misy zavatra tianao ho karakaraina, na any amin'ny fianakaviana izany na any am-piasana, na any am-piangonana... fa ho fifaliana ho anay hatrany ny fahazoana miara-miasa amin'ny rehetra.

Fa ahoana tokoa moa ny Teny ? "Endrey, mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina".

Ny CHORALE AMBOHITANTELY

Sakafom-panahy

LOZA MANODOKA NY ZAVA-PISOTRA MAHAMAMO

LOZA : Raha ny teny hoe Loza no ambara dia iaraha-malala fa LITERA efatra ary vaninteny roa monja; nefa zavatra lehibe tokoa ao amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona.

Teny kely mikaikaika sy miedinedina mora am-panononana ny manao hoe : "Loza Rangahy", "Loza Ramatoa!" sns..., nefa faran'izay mangidy, ary mangeroka, ary mihatra amin'ny aina no farany.

Iza no matanjaka ka tsy hilefitra èo anatrehan'ny LOZA ?

Ary izay manao azy ho ambony aza dia miala satroka rehefa vandrinin'ny LOZA, araka ny ohabolan-drazana hoe : "Rehefa avy ny LOZA patsa iray tsy omby vava!" (...)

Ry havana! Mitera-doza ny aretina, nefa ao ny toerana misy azy.Mampitsangam-bolo ny rivo-doza, nefa misy faritra falehany ! Mafy ny mamoy havan-tiana, nefa mba misy verivery dia ihany ny sasany.

Raha ny loza ateraky ny toaka no ho lazaina dia lehibe lavitra noho ireo voalaza ireo, fa raiben'ny fahotana rehetra ny toaka, ary LOZA maro tsy ho voatanisa eto ny vokany.

Tsy mifidy olona asiana izy, fa na mpanankarena, na olomahantra, na ambony na ambany, na ny be fahalalana, na ny kely saina, dia azony kendaina avokoa raha mifamato-drà aminy.

Saingy ny antony izay mahaporitra amin'izao fotoana izao dia ny làlana, ary ny fanafody hanalana sy hanasitrana ireo efa voagadrany.

Raha herin'olombelona anefa no antenaina hahatanteraka izany dia hihomehezana; fa misaotra an'Andriamanitra lehibe indrindra izay efa nampiasa ny heriny nampiova ireo adala ho hendry sy mahatonga ireo efa mpidoroka tsy hiverina ilàlana.

Ry havana sy sakaiza rehetra andevozin'ny toaka, izay mihaina izao teny izao ô! Moa mba fantatrao fa hadisoana be vava izao ataonao izao, satria : diso amin'ny zanakao ianao, fa noho ny nataonao no nahadaladala azy sy nahakely saina azy ireny, na nanatonga azy hianjadian'ny farasisan-toaka. Diso amin'ny vadinao ianao fa nalainao ho velomina sy hotezaina izy, kanjo azeranao ao amin'ny fahoriana sy fahantrana fa ny vola hamidy sakafo ao an-trano dia laninao amin'ny toaka.Diso amin'ny Firenena ianao satria ny fahadalana vitanao dia mamohehatra ho an' ny mpiara-belona aminao.

Koa mieritrereta, ry mpisotro ô, fa ny fifaliana arahindoza amin' io zava-pisotro mahamamo io, dia helika lehibe eo anatrehan'ny lanitra sy ny tany.

Ary amintsika Mpifady na tsy mikasika kosa :

Fadio ny manao teny sahisahy tafahoatra amin'ireny havantsika misotro ireny, ka hanao fanenjehana azy. Aoka hanana fitiavana azy isika fa tsy hankahala azy, satria ny toaka no halantsika fa tsy ny havantsika mpisotro akory; tsy izay no tokony hiadiantsika fa ny toaka.

Mijoroa ho tena mpifady, ka ho miaramila sahy tsy hiverina ilalàna.

Ry zatovolahy vao misandratra ho loharanon'ny Firenena ô! lavo re raha misy mila aminao, fa mahafana ny toaka amin' izao ririnina izao mangatsiaka izao.

Lavo re raha misy mitaona anareo fa maha-ela velona ny toaka, eny lavo raha misy milaza aminareo fa mahafa-tsasatra ny toaka.

Ry zatovovavy loharanon'ny ho avy ô! Manana adidy lehibe ianareo amin'ity Ády Masina ity, fa tsy ambaka noho ny fitiavanareo hifoka no hivarinanareo amin'ny fitsotroana koa. Misy ianareo efa sahisahy loatra ka ny fanandramana ireny fisotro miseho amin'ny mariazy sy fifamofoana ireny no hahatonga anareo ho vageja raha sanatria ka tamàna.

Tandremo fa ohatra ny ila-hoho no elanelanareo amin'ny fahafatesana, raha minia ho faty toa kankana ianareo.

Aoka ny zazavavy mahatsinjo ny ho avin'ny Fireneny hi-kendry tsy hahambady mpisotro andevozin'ny fisotroan-toaka, fa amin'ny farany, dia hanindrona toy ny menarana izy.

AMENA

R.O

FENO 90 TAONA NY DORKASIN' AMBOHITANTELY

Taona 1907 dia hita ao amin'ny boky no Dorkasy Ambohitantely araka ny volazan' ny boky FIANGONANA VAVOLOMBELONA. Efa nisy ny Dorkasy tamin'ny 1907. Nitohy indray rehefa nilamina ny tabataba tamin' andron'i Franck RASOAMANANA.

Hita izany fa efa 90 taona no niorenan'ny Dorkasy teto Ambohitantely. Tsy voalaza ny filoha fa misionera no nitondra ny fiangonana tamin'izany.

Ny hita mazava dia Ramatoa Razanamalala vadin'ny Mpitandrina RAVELOJAONINA, no filoha voalohany fantatra tamin'ny taona 1908

Maro dia maro ny asa sahanin'ny Dorkasy eto Ambohitantely. Isaky ny Talata no fotoana natao ho fivoriana. Mandray anjara amin'ny fotoam-pivavahana manontolo ny mpikambana rehetra. Vaindohan-draharaha ny Soratra Masina.

Mifandimby ny Mpitandrina roalahy manatantera izany araka ny fotoana mahafaka azy.

Henaovana fanalinana isan-taona ny fianarana Soratra Masina, izay azahoana loka, iarahana amin'ny Synodamparitany Avaratra Andohalo

Miombona andraikitra eo amin'ny asa sahanin'ny dorkasy FJKM izy.

(Hotoizana amin'ny manaraka)

"Lahatsoratra ho an'ny Gazety - isaky ny laharana"

NY MAHALIANA ANY IVELANY

MOA VE FANTATRAREO VE ?

SASIN-TENY

Adidin'ny Kristianina mandrakariva ny mahatsiaro fa be ny zava-mitranga na ny zava-misy eran-tany, izay tokony ho fantatra, hofakafakaina sy hoeritreretina noho ny mety ho fiantraikany amin' ny fiainan'ny fiangonana, ara-panahy sy ara-tsiana.

Ankehitriny dia anisan'ny toe-javatra mampieritreritra sy mampanahy sy fiovàna samihafa mitranga eo amin'ny fiainan'ny fianakaviana na eto amintsika, na amin'ny tany hafa. Ieraha-mahafantatra fa eto Madagasikara, fa indrindra ao an-tanàn-dehibe dia mitombo ny fisaraham-panambadiana, mihamaro ny "tokantrano maso", mitombo ny isan'ny vehivavy mpitovo ary tsy vitsy amin'ireo no manan-janaka. Mihamaro toy izany koa ny fianakaviana izay, noho ny fahantràna, na ny tsy fahombiazana eo amin'ny fitaizan'ny ankizy na, indrindra noho ny tsy fandraisana andraikitra eo amin'ny fanolokoloana sy ny fanabeazana ny zaza naterany, dia manadino ny adidiny amin'ny maharay aman-dreniny azy. Izany toe-javatra izany dia mahatonga ny fanarian-jaza, ny fandaozan'ny ankizy sy ny fanolorana azy amin'ny olon-kafa na fikambanana mpanao asa soa, na ny fanomezana azy ho zaza hatsangana.

Zava-dehibe loatra ho antsika Kristianina izany mitranga izany na ao an-tanàn-dehibe, na any ambanivohitra, ary mbola hovelabelarina sy hohalalinina any aoriana.

Ny tsara ho fantatry ny fiangonana anefa dia, na any amin'ny firenena mandroso aza, ny zava-mitranga eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fiainan'ny fianakaviana dia tsy mifanalavitra velively amin'ny olana atrehantsika ankehitriny.

Ny ohatra horaisintsika dia ny any FRANTSA. Ireto fanazavana fohy sy tarehin-marika vitsivitsy havoakantsika eto ambany dia notsongaina avy amin'ny boky vao nivoaka tamin'ny volana May 1993 :

1°) Ny endrika vaovaon'ny fianakaviana any Frantsa.

Mihena tsikelikely ny fanambadiana vita ara-dalàna. Tamin' ny taona 1990 dia tsy mihoatra ny fanambadiana nankalazana teo anatrehan'ny Ben'ny tanàna ny isan'ny fanambadiana ara-dalàna tamin'ny taona 1975.

Ny fisaraham-panambadiana izay niisa 40.000 tamin'ny 1960 dia niakatra ho 110.000 tamin'ny 1984-1990. Raha mitohy izany fitombon'ny fisaraham-panambadiana any Frantsa izany dia efa azo lazaina fa ny ampahatelon'ny fanambadiana ara-dalàna dia miafara amin'ny fisarahana ao anaty taona vitsivitsy.
Tamin'ny 1991 dia 280.000 ny fanambadiana nankalazaina araky ny lalàna nefa 108.000 ny fisaraham-panambadiana.

2°) Ny tokantrano maso

Mitombo kosa ny tokan-trano maso ary nahatonga ny Governemanta Frantsay handray fepetra. Mahagaga ihany raha tsaroana fa ny Firenena frantsay dia noheverina ho zanaka vavimatoan'ny Eglizy Katolika, kanefa ankehitriny dia nomena alalàna hahazoany taratasim-panjakana tsotsotra mana-porofo ny fiaraha-moniny ny tokan-trano maso. Noho izany dia manana zo, ny tombotsoa sy ny andraikitra sasantsasany natokan'ny lalàna ho an'ny mpanambady ara-dalàna izy ireo.

3°) Ny momba ny zaza sy ny tanora

Tamin'ny taona 1990, dia 229.000 ny zaza teraka ivelan'ny fanambadiana ara-dalàna na 30 % ny fiterahana.

Ny vehivavy mpitovo mitaiza ny zanany dia niisa 526.000 tamin'ny taona 1968. Nitombo anefa ny isany ka ankehitriny dia manodidina ny iray tapitrisa.

Noho ny renim-pianakaviana miasa dia 36 % ny zaza latsaky ny 3 taona no tezaina sy karakaraina ao amin'ny akanin-jaza.

4°) Ny momba ny be antitra

Noho ny taonany, ny fahanterany sy ny fahasahiranan'ny fianakaviana dia lehilahy 91.000 ary vehivavy 251.000 no mipetraka ao amin'ny akany natokana ho an'ny be antitra.

Mbola hotohizana

HENRI RAHARIJAONA

MIEZAKA HO TAFITA

Nandray anjara tamin'ny fifaninanan-kira ny Chorale AMBOHITANTELY nampanaovin'ny Fikambanana Mampiely ny Baiboly. Niezaka tokoa ka tafita hatramin'ny farany ary nandray amboara natolotra ary noraisin'ny Filoha RAOELISON Willy izany amboara izany ny talata 22 jona 1993.
Ny STK fanatanjahan-tena dia nandray anjara ihany koa tamin'ny fifaninana "BASKET" ary tonga hatramin'ny farany "FINALE" nihaona tamin'ny tanoran'ny Fiangonana Loterana ny Alahady 27 jona 1993 tolakandro.
Lalao mahavariana , nampitolagaga tokoa ny fahaiza-mirindra teo amin'ny fanafihana. Nitarika isika teo ampialan-tsasatra. Ny tapany faha - roa dia nampitaintaina tokoa satria mifanenjaka hatrany; mitarika dia manenjika. Fiafarany : resy Ambohitantely tamin'ny isa 67 noho 66 , ary ny tanora Loterana Ambatovinaky no tompon-daka taranja "BASKET " tamin'ny lalao nampanaovin'ny STK Ambavahadimitafo nankalaza ny faha-130 taon'ny Fiangonana.

## ILAY VOLA NANGALARINA

zaza mahantra i Ndriana sy Naivo ary matetika izy no mandry fotsy. Indraindray aza dia tsy misakafo akory alohan'ny handehanana hianatra. Nododonan'i Ndriana ity zandriny hihazakazaka sao diso fidirana.

Noana aho, hoy naivo, ka tsy afaka mandeha haingana. Fotoana fohy taorian'izany dia indro tafapetraka eo andabiliom-pianarana izy roalahy. Mbola mamafa ny ranomasony i Naivo kely ary mieritreritra izay ho sakafony. Efa ambolana maro no tsy niasa rainy ary isan'andro dia zara raha mihinana izy mianakavy kely.

Ny feo henjan-dRamatoa mpampianatra nibedy an'i Mihanta mpiara-mianatra amin'izy roa lahy izay milalao sy mampandihy vola madinika no nanaitra azy. Nasaindramatoa naterin'i Mihanta eny ambony latabatry ny mpampianatra ilay vola mba hotahirizina aloha...

Velona ny lakolosy fakan-drivotra. Rehefa tafavoaka daholo ny ankizy dia mba lasa koa Ramatoa mpampianatra. Variana milalao ny ankizy. I Naivo kosa nanao tampody fohy ka nitsaitsaika nankao am-pianarana ka naka ilay vola ariary folo teo ambony latabatra. Nifanena tamin'i Ndriana teo ambaravarana izy. Inona no ataonao ato, hoy izy. Bedy ianao raha nisy nahatazana teo.

Toy ny tsy teo i Naivo fa nitsoriaka ary poa toy izay dia efa ery akaikin'ny vavahady izy. nividy mofomamy izay nabosibosiny haingana... Namonjy ny fidirana ao an-dakilasy toy ny ankizy rehetra izy.

- Vao avy nihinana mofo ianao izany, hoy i Ndriana zokiny tamin'ny. Jereo fa misy poti-mofo eo amin'ny akanjonao. Iza no nanome anao mofo ? Sambatra ianao mihinana.

TANTELY LITERATIURA

Izaho izany noana mafy mihitsy... Tsy nanohy ny teniny intsony anefa i Ndriana, matahotra ho bedin'ny mpampianatra.

Nony hirava, raha handeha hampitsangana ny ankizy iny indrindra Ramatoa dia nanangan-tànana i Mihanta haka ny volany...

Gaga anefa Ramatoa fa tsy teo amin'ny toerana nisy azy intsony ilay vola.

- Mahagaga izany. hoy izy teto no nametrahako azy. Sao dia nisy naka azy ianareo ?

Nangina ny eran'ny trano.

Fa tao anatin'izany fahanginana izany dia lasan'eritreritra i Ndriana. Tonga tao an-tsainy ny fihetsika hafahafan'ity zandriny tamin'ny fakan-drivotra...izy nitaraina noana...poti-mofo tamin'ny akanjony...

- Tsy nisy nahita ilay volan'i Mihanta tokoa ve ianareo e ?. hoy ihany Ramatoa.

Samy nifampijery ny ankizy rehetra. Tsy nisy niteny.

Tampotampoka teo, nitsangana ny tanan'i Ndriana.

- Ndriana ve ? Ianao ? Tsy nampoiziko mihitsy, hoy Ramatoa. Ndeha mivoaka daholo ianareo, rankizy. Iny ny volanao, ry Mihanta, hoy ihany izy, rehefa avy namoaka vola avy ao anaty pôketrany. Mijanona i Ndriana.

Notenenin-dRamatoa mora i Ndriana tsy hamerina intsony rehefa avy nanontaniany ka tsy namaly na inona na inona. Indro izy, niondrikondrika tsy te hifanena amin'ny maso maneson ny mpiara-mianatra aminy ary lasa namonjy fodiana haingana.

Ny alin'iny, raha handeha hatory izy mirahalahy dia nifokofoko nitomany i Naivo sady niteny nitsitapitapy hoe :

- Nahoana ianao no nanao an'ireny ? Izaho no diso kanefa ianao no voabedy.

- Aok'izay ny amin'iny. hoy i Ndriana. Hitako fa natahotra ianao dia nananga-tanana aho.

Tsy niteny intsony i Naivo. Ny ampitso anefa, tsy andriny ny nahitana an-dRamatoa mpampianatra hilazana ny marina. Tsy nampahalalainny an'i Ndriana izay nataony. Nangatahiny Ramatoa hitantara izay niseho amin'ny mpiray kilasy.

Notantarain-dRamatoa tamin'ny ankizy àry ny fihetsika mahatehidera nasehon'i Ndriana. Nohazavainy tamin'ny ankizy fa zaza mahantra izy roa lahy, zaza noana tsy nihinan-kanina...Nambarany koa ny nenina sy ny fangataham-pamelan-kelok'i Naivo...

Hoy ny famaran-teniny : Mampahatsiaro ahy fiainana iray izao fihetsik'i Ndriana nisolo voina an-jandriny izao...Fahiny ela be, nisy lehilahyiray, tsy mbola nanao ratsy na tamin'iza na tamin'iza kanefa novonoina noho ny heloka sy ny ratsy nataontsika olombelona hatramin'izay ka hatramin'izao...

Heverinareo ve fa tian'i Ndriana fotsiny izao ny ho voasazy, handray ny valin-kelok'i Naivo zandriny ? Tsia. Nataony izany NOHO NY FITIAVANY azy. Tahaka izay koa no nataon'i Kristy : Maty noho ny fahadisoantsika Izy satria tia antsika, tsy namela antsika iharan'ny sazy.

Tsy tokony hisaotra AZY ve isika ary hanao izay hahafaly Azy amin'ny fanarahana ny lalana marina ? (...)

ANGANO ! ANGANO ! ARIRA ! ARIRA !

Izaho mpitantara, ianareo mpandray ny hafatra !

J. Nalisoa RAVALITERA

Mpampianatra

02-12-84

Laharana N° 1 : Nivoaka ny Alahady 01 Jolay 1993




# KILALAON-TSAINA

Fenoy ny banga

Tenin'Andriamanitra

Akanjo —
Fisotro —
Jesosy —
Miova fo —
Famaky —
Fanjava —
Krismasy —



Natolotr'i DINA (voronkely)

## MAHAY NY BAIBOLY VE IANAO ?

1°) – Firy ny isan'ny ohabolana na tononkira nosoratan'i SOLOMONA ? tondroy ny boky, ny toko sy andininy ahitana izany.

2°) – Iza io Mpitoriteny ao amin'ny baiboly io ?

3°) – Iza no nanoratra ny Apokalipsy ?

4°) – Be ny zaza malagasy no mitondra ny anarana hoe DINA. Anarana hita ao amin'ny baiboly io. Iza no mitondra izany anarana izany ?


5°) – Misy telo ny zanan'i DANIELA, lazao ny anarany ( ny tena anarany sy ny nomena azy taty Babylona?

---------

## KILALAO – TSAINA

Valin'ny kilalaon-tsaina tamin'ny gazety laharana OO

1) Fenoy ny efitrefitra banga (natolotr'i Njary)




2) Mahay ny baiboly ve ianao ?
(valin'ny gazety TANTELY)


1- Ny andininy fohy indrindra ao amin'ny baiboly: Jaona 11 and. 35
2- Ny ela velona indrindra : Metosela 969 taona
3- Ny nandimby an'iJodasy : MATIA (Asa and 26)
4- Ireo taranak'i Adama: 9 no isany (ankoatr'i Kaina) Seta, Enosy, Kenana, Mahalila, Jareda, Enoka, Metosela, Lameka, ary Noa (Gen 5 and 3-5)

# KILALAON-TSAINA

Fenoy ny banga

Tenin'Andriamanitra

Akanjo —
Fisotro —
Jesosy —
Miova fo —
Famaky —
Fanjava —
Krismasy —



Natolotr'i DINA (voronkely)

MAHAY NY BAIBOLY VE IANAO ?

1°) – Firy ny isan'ny ohabolana na tononkira nosoratan'i SOLOMONA ? tondroy ny boky, ny toko sy andininy ahitana izany.

2°) – Iza io Mpitoriteny ao amin'ny baiboly io ?

3°) – Iza no nanoratra ny Apokalipsy ?

4°) – Be ny zaza malagasy no mitondra ny anarana hoe DINA. Anarana hita ao amin'ny baiboly io. Iza no mitondra izany anarana izany ?


5°) – Misy telo ny naman'i DANIELA, lazao ny anarany ( ny tena anarany sy ny nomena azy taty Babylona?

---------

KILALAO – TSAINA

Valin'ny kilalaon-tsaina tamin'ny gazety laharana 00

1) Fenoy ny efitrefitra banga (natolotr'i Njary)




2) Mahay ny baiboly ve ianao ?
(valin'ny gazety TANTELY)

1- Ny andininy fohy indrindra ao amin'ny baiboly: Jaona 11 and. 35
2- Ny ela velona indrindra : Metosela 969 taona
3- Ny nandimby an'iJodasy : MATIA (Asa and 26)
4- Ireo taranak'i Adama: 9 no isany (ankoatr'i Kaina) Seta, Enosy, Kenana, Mahalila, Jareda, Enoka, Metosela, Lameka, ary Noa (Gen 5 and 3-5)

(Tohin'ny Pejy faha 4)

**GT** : Nanao ahoana ny endriny tamin'izany? Iza avy ianareo no niandraikitra izany ? Toy inona ny lahatsoratra tao ? Iza avy no nanoratra tao? Firy ny isan'ny natonta? Ohatrinona ny vidiny?



**RJR** : Sesehena izany fanontaniana izany! Taratasy tsotra, nahodina RONEO nisy takila 18.

Natao tamin'ny milina fanoratana tsotra. Nahitana soratra hoe : Gazety avoakan'ny Vaomieran'ny Fifandraisana Ambohitantely FJKM. Misy sarin'ny fiangonana sy lakroa lavabe.

Tsipika toy ny tanamasoandro miainga avy amin'ny tafon'ny fiangonana no mananty ny soratra hoe TANTELY izay manana endrika toho-tantely misy maminy. Raha tsy diso aho dia Raminosoa Aimé no nanao ny sary ary tolo-kevitra avy amin' i Victor zokiny ny sary taty aoriana izay niovaova araka ny fotoana ( hafa ny sary rehefa andro noely ohatra).

Nisy hatramin'ny sary itatra izany taty aoriana fa tsy mbola azo natao moa ny namoaka sary pika satria sady lafo no mbola tsy takatry ny fahaizamanao.

Ny Vaomieran'ny Fifandraisana no niandraikitra ny famoahana. Rajoharison David moa no Filoha. Mpikambana tao i Micheline vadiny, Raminosoa Victor sy Noromalala, Richard, Odon, Ravelomanana Nivo, Jonjo Ramanamahefa Ravalitera Naly.

Ireo no tsaroako fa inoako fa mbola misy tsy voatonona ka ialan-tsiny.

Ankoatra ny Sakafo ho an'ny Fanahy omen'ny Mpitandrina, dia nisy lahatsoratra samihafa, toy ny fitaizam-pahasalamana nataon'i Dr Solofo Randriamampionona, momba ny ny lalàna nosoratan'i Henri Raharijaona, ny takila ho an'ny Sampana, ny Isika samy isika, Tononkalo sy tantara fohy izay nandraisan-dry Ingahy Denis sy ry Rasoanaly Helène anjara mavitrika. Nisy kilalaon-tsaina sy momba ny fahaizana ny Baiboly izay manavanana ny fianakaviana Ramanamahefa. Nohaingoan'ny sary itatra sy kisarisary somary hatsikana nataon'i Dr Solofo.

Roanjato, dia nihena 150 ny isan'ny natonta ary Ariary 100 ny vidin'ny iray, izany hoe ampahafolon'ny vidiny ankehitriny. Somary sarotsarotra ihany ny nandafo izany fa mbola tsy dia liana amin'ny famakiana gazety angaha ny olona na tsy manintona ny endriny , fa niantoka mihitsy ry Richard Raberojo tamin'ny fivarotana izany . Somary nahakivy ihany ny tsy dia firehan'ny olona mividy gazety kanefa mampisaotra an'Andriamanitra fa na dia nisy fiatoana kely aza ny fivoahan'ny Gazety dia tsy maty izy. Marihina fa manana Gazetim-piangonana koa ny tao Ambatonakanga ka Orimbato ny anarany. Nanana koa Amparibe izay Hasin'ny Famonjena ny anarany. Toy izany koa ny Afon'i Faravohitra tao @ FJKM Faravohitra. Marihina anefa fa tamin'izany dia tsy maintsy nisy Dépot légal na Fametrahana ara-dalàna. Hatramin'izao dia mbola manan-kery ny DL n'ny Gazety Tantely, ary mbola ny anarako no misoratra any.

**GT**: Ahoana ny fahitanao ny Gazety Tantely ankehitriny ?

**RJR** : Raha ny endriny aloha dia tsara sy manintona ny Gazety Tantely ary saika tapitra daholo izay natonta. Afaka mirehareha isika fa tsy ny mpiangona eto Ambohitantely , hatrany ampitan-dranomasina ihany no mividy ny Gazety fa misy avy any ivelany. Mahafaly fa mandray anjara ny Sampana ary maro ny tanora no mandray anjara amin'ny fanoratana. Tsara raha mamoaka tahirin-kevitra sy fandalinana ary tolo-tsaina samihafa izy.

Tsy ampy ny kilalaon-tsaina sy kisarisary mampiala voly sy mitaiza ny saina.

**GT** : Inona no hafatrao sy ny teninao farany?

**RJR**: Misaotra an'Andriamanitra isika fa mbola velona sy salama tsara ny Gazety Tantely. Mampirisika antsika hanohana azy ary manainga ny manatalenta sy manam-pahaizana handray anjara amin'ny fanoratana. Tokony ho fantatra fa tsy nisy ny ankehitriny raha tsy nisy ny taloha. Tsy hohadinoina ireo havantsika nialoha lalana namelona sy nampiaina ny Gazety Tantely toa an-dry Pasitera Andriamanjato sy ny mpitandrina mifandimby, Ramanamahefa Jonjo, Raoelina Samy, Rasoanaly Helène, R. Odon, R. Denis. Singanina manokana eto i OELISOA izay nitondra fanavaozana sy nanao ny ainy tsy ho zavatra nanandratra ny Gazety Tantely amin'izao endriny izao. Ankasitrahina daholo ireo ao amin'ny Fiandraiketana ny Fifandraisana ankehitriny izay miasa ary mitondra avo ny lentan'ny Gazety Tantely.

**Ireo mpanatontosa ny Gazety TANTELY ankehitriny**

RANAIVO RASAHENOLAHY Z&T RATSIAMBAKAINA Tahina, RAHARIJAONA Mbolatahina, RAJOHARISON Aina, RAZAFINDRALAMBO Miezaka, RASOAMAHARO Francis, RAKOTONJANAHARY Nary, RAOLOSON Ary, RAKOTOMAMONJY H&L, RAJOHARISON S&L, RAVELOMANANA Rija, RAVELOMANANA Zo, JHONARISON Linjo, RATSIMISETA Naomy, RAFANOHARANA Harinavalona, RAKOTOMALALA Joé... sns



FITAVA-TANINDRAZANA

# «FITIAVAN-TANINDRAZANA»,
## Tantara nosoratan'ny Mpitandrina ANDRIAMANJATO Richard Mahitsison

Ny volana **febroary** taona **1966** no namaranany ny fanoratana ity tantara fampiseho an-dampihazo ity na teatra izany.



Natao ho zava-dehibe ny fanoratana ny piesy teatraly satria fitaizana sy fanabeazana ny vahoaka izany ary natao ho fampitan-kevitra. Miendrika tononkalo ny piesy iray manontolo, koa tsy ny votoatiny ihany no manana ny lanjany lehibe fa ny endrika nanoratan'ny mpanoratra azy ko adia voarafitra tsara.



Indraindray, raha tsy matetika mihitsy aza, dia misy fifandraisana lalina amin'ny fiainan'ny mpanoratra ny fifantenana ny zava-dehibe tiana hasongadina amin'ny tantara iray.
Mandom-baravarana ho tsarovana indray ny raharahan'ny 1947 ho



fahatsiarovana indray ny sorona tsy hay kosehina izay vitan'ny Tia Tanindrazana tamin'ny taona 1947-1948 no nanoratana ity tantara ity.
Tantara ho raketin'ny taranaka mifandimby, sy ho fanomezam-boninahitra ny tolona tsy misy farany izay ataon'ny firenena ho amin'ny lalan-tsambatra kokoa hatrany.



Tantara mampihetsi-po mitory ny fitiavan'ny Reny, nantsoina hoe RAMAVO ny zanany, di ai JORO ilay tovolahy vao erontrerony, vonona hanao sorona ny ainy ho an'ny tanindrazany.

**Hoy izy mantsy**:

*«Indro tonga ilay minitra efa niomananay.*
*Tsy haveriko aminao ny dinidinika rehetra*
*Efa niarahantsika novisaina.*
*Afaka minitra vitsy*
*Dia hiroso izany dia.*
*Tsy mivonona hitsitsy*
*N'inon'inona izahay. Tokana ny tarigetra:*
*Ny hanapaka ny tady mampirongatra ny tsetra,*
*Mampiondrim-pirenena...»*

Fifaliana lehibe ny nahafahana namerina indray izany tantara antsehatra «FITIAVAN-TANINDRAZANA» izany ary isaorana lehibe ireo mpianatra Mpitandrina taona fahatelo ao amin'ny toeram-panomanana Mpitandrina ao Ambatonakanga.

Taona vitsivitsy izay dia nataon'ny toeram-panomanana ho zava-dehibe ny famohazana ny fitiavan-tanindrazana ao am-pon'ny Malagasy amin'ny alalan'ny seho ataon'izy ireo ny 29 marsa isantaona.

Tsy misaraka amintsika ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny Tanindrazana ary ny mpiara-belona. Ity taona ity dia natao ny 24 jona izany, ankatoky ny fetin'ny fahaleovantenam-pirenena. Enim-bolana katroka no nanomanan'ireo 11 mianadahy mpiantsehatra ity tantara ity niaraka tamin'i Andry ANDRIAMANANTENA, nanampy azy ireo tamin'ny fiantsana ny tononkalo sy ny fandrindrana an-tsehatra.



Misaotra an'Andriamanitra lehibe ny amin'ireo Mpianatra Mpitandrina nanome ny tsara indrindra ka nanome aina ny tantara.

Misaotra ireo tanora ireo isika nampiasa ny talentany sy ny fitiavany ny kanto tamin'ny alalan'izao asa soratry ny ray aman-dreny ANDRIAMANJATO Richard Mpitandrina izao.

Nanome lanja sy nandravaka manokana ny seho ny Tarika NY RAILOVY nihira ireo hira mifono fitiavana an'i Madagasikara sy ny hatsarany. Mankasitraka ireo tsara sitrapo rehetra, ny Komity nanampy sy nikely aina tamin'ny fanatontosana ny seho.



Misaotra ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy sy ANDRIAMOSE Veromalala tamin'ny fanampiana ara-toro-hevitra sy fanohanana ireo mpianatra. Ny Oniversity Ravelojaona izay nanokatra ny varavarana nanaovana ny famerenana.

Misaotra ny Fikambanan'ny Mpanohana ny Toeram-panomanana Mpitandrina na ny FMTPM. Mankasitraka ny mpijery ny seho an-tsehatra tonga maro ny alahady 24 jona teo tao amin'ny efitrano fampisehoana Plazza Ampefiloha. Atolotra ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra tamin'izay rehetra vita!

**Faramalala ANDRIAMANJATO**

VOAN-TSAMPANA

## Fankalazana ny faha 30 taona an-tsehatra « 30 ans de scène » Rija Ramanantoanina

Tontosa tamin'ny volana mai 2018 lasa teo ilay seho goavana nentin'i **Rija Ramanantoanina** nanamarika ny **faha 30 taona** niakarany sehatra amin'ny maha mpanakanto mpihira azy.



Niavaka ny seho tamin'ny **Alahady 6 may** satria dia antoko mpihira maherin'ny enin-jato isa **(600 chœurs)** avy amin'ny **Fitandremana 19** teto Antananarivo no nampiara-peo tamin'i Rija tamin'izany ary mpitendry zava-maneno hatrany amin'ny dimapolo isa tany **(50 musiciens)**. Azo lazaina fa isan'ny seho tsy manam-paharoa iny seho nataon'i R.R iny satria sambany no nisy an'izany teto Madagasikara raha fampiaraham-peo amina mpanakanto iray no resahana.



Ny antoko mpihira teto amin'ny Fiangonana **FJKM Ambohitantely** moa dia anisan'ireo nandray anjara feno tamin'iny seho fankalazana iny tamin'ny alalan'ny **Chorale Ambohitantely** sy ny **Chorale Maintimolaly Ambohitantely.**

Ankoatr'izay fandraisana anjara avy amin'ny antoko mpihirantsika izay moa dia tsara ny manamarika fa betsaka tamin'ireo **hiran'Ambohitantely** no nosafidian'i Rija Ramanantoanina hokaloina tamin'io fotoana io : « **Feo miantso, Iriko ianao ry noely, ô ! andro iray**,sns… »



Eo amin'izay lafiny hira izay ihany, dia nibahan-toerana nandritran'io seho fankalazàna io ny hira fiderana sy fisaorana an'Andriamanitra satria nambaran'i Rija ombieny ombieny fa fahasoavana manokana nomen'Andriamanitra azy ny talenta amin'ny fihirana koa rariny loatra raha isaorana Izy Tompo.

Fanompoam-pivavahana fohy no nentina nanombohana ny fotoana ka ny Mpitandrina RANAIVONIARIVO Tiana Alisoa

avy ao amin'ny fitandremana FJKM Atsimon'i Mahamasina no nitarika ny fotoana. Naharitra ora efatra teo ny seho niarahana tamin'i Rija tao amin'ny lapan'ny fanatanjahan-tena sy ny kolontsaina Mahamasina.

*Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra !*

**RAHARIJAONA Mbolatahina**
**Diakona**

## SAMIHAFA

Nanamarika ity taona ity koa ny fitsangatsanganana nataon'ny Fiangonana, toy ny mahazatra, isaky ny andro Fiakarana.



Fotoam-pivavahana niarahana tamin'ireo mponina teny Katsaoka



Ireo Mpanatalentan' !



Tsy diso anjara ny ankizy sy ny tanora. Faly dia faly amin'ireto «Gonflables» !



Mitafatafa eo amin'ny maloka !



Sady dihy no fanatanjahantena !



Hetsiky ny Sampana !




Zana-paritra mialavoly !



Fifampiarahabana !



Fiaraha-misakafon'ny Dorkasy !



Tanora mpiangaly «VTT»

**Joé RAKOTOMALALA**
**Diakona**